

ce 22-03-21
set PV
✓
PV no 116 ex
BOL 2
56



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitevane · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-116EX

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-
POTOANA VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,
TAONA 2021**

Fivoriana voalohany
Natao ny
Alarobia 17 Martsa 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA : Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA : - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA : Alarobia 17 Martsa 2021, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA : Lanonam-panokafana ny fivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-73, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ary ny Didim-panjakana laharana faha-2021-275 tamin'ny 10 Martsa 2021 miantso izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-73 andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ary ny Didim-panjakana laharana faha-2021-275 -

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

Misaotra Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra na noho ny fangatahan'ny antsasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitira.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Andininy faha-73, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Ao anatin'ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, mikasika ny lahadinika voafaritry, ary nantsoina tamin'ny alalan'ny Didim-panjakana nataon'ny Filohan'ny Repoblika noraisina teo amin'ny Filankevitry ny Minisitry, na nataon'ny Praiminisitry, na araka ny fangatahan'ny antsamanilan'ny mpikambana mandrafitra ny Antenimiera dia tsy mihoatra ny 12 andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana. Misokatra sy mifarana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana avoakan'ny Filohan'ny Repoblika ny fivoriana tsy ara-potoana.

Didim-panjakana laharana faha-2021-275 «portant convocation du Parlement en session extraordinaire».

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2020-070 du 29 janvier 2020, modifié et complété par les décrets n°2020-597 du 04 juin 2020 et n°2020-997 du 20 août 2020, portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le décret n°2021-261 du 04 mars 2021 constatant l'expiration du mandat des membres de la Haute Cour Constitutionnelle;

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
En Conseil des Ministres,

DECRETE:

Article premier - En application des dispositions des articles 76 et 85 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire à partir du mercredi 17 mars 2021.

Article 2 - La durée de la session extraordinaire ne peut excéder douze (12) jours.

Article 3- L'ordre du jour de la session extraordinaire comprend l'élection de leurs représentants respectifs à la Haute Cour Constitutionnelle et l'adoption des projets de loi autorisant la ratification des Accords de prêt relatif au financement du Projet d'appui à la gouvernance digitale et aux réformes de l'état civil et des identifiants PRODIGY et au financement additionnel du projet de développement Urbain Intégré et de Résilience (PRODUIR), ainsi que le projet de loi modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élection, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018.

Article 4 - En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Article 5 - Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et Le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 10 Mars 2021

Par le Président de la République,

Andry RAJOELINA

- 3 -

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Misaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra isika namaky izay andinin-dalàna izay.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,

Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miara ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Fampihavanana Malagasy;

Ramatoa Kaomisera, misolotena ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena miahny ny Zon'olombelona,

Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miombon'antoka, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo manam-boninahitra Sivily sy Miaramila manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo avy;

Ianareo Raiamandreny hajaina, tonga manatrika eto;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Misaotra an'Andriamanitra hatrany isika fa mbola velon'aina soa aman-tsara indray amin'ity andro nomeny anio ity; afa-miatrika miaraka soa aman-tsara izao fotoana izao, ka ankasitrahana mandrakariva Izy noho ny fandaharany sy ny fitantanany.

Izao angamba isika vao tafavory eto, mifanatri-tava amin'ny Andrimpanjakana rehetra miaraka amin'ny Solombavambahoaka hatramin'ny nanombohan'ny taona 2021, ka heveriko fa mbola afaka ny mifampiarahaba amin'izany isika, Tompoko.

Ny anton'ny fampiantsoana dia efa mazava araka ny novakian'ny Mpitantsoatra teo. Ny hany marihana fotsiny dia zava-dehibe iankinan'ny fampandrosoana sy iantohana ny hasin'ny Repoblika ary ny tany tan-dalàna izy ireo raha aravona.

Manentana ny Solombavambahoaka arak'izany mba hampiseho fifantohana indray toy ny efa mahazatra atsika ary tsy maintsy ampiarahina eto ny adihevitra ara-teknika sy ara-politika, satria mitaky izany miaraka ireto Lahadinika efatra (04) ireto. Indrindra fa ny ho fandinihana ny Volavolan-dalàna manova ny andininy vitsivitsy ao amin'ny Lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2014 izay nasiam-panitsiana sy nampian'ny Lalàna laharana faha-2018-011 tamin'ny 11 Jolay 2018 momba ny Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana mikasika ny Fifidianana sy ny Fandaminana eny anivon'izy ireny.

Asa miandry iny; fa raha ny asa vita kosa nandritra izay elanelam-potoana tsy nivoriana izay dia betsaka tokoa, ka tsara ihany raha hanaovana tatitra satria manana adidy amin'izany izahay Biraos Maharitra, aminareo Solombavambahoaka namana mpiara-miasa ary tsy ho diso anjara amin'izany koa ianareo vahiny nasaina; ka mamelà ahy ianareo raha hanao izany eto aho, nanomboka hatramin'ny volana Janoary mankaty.

Ho fitohizan'ny asa izay iarahan'ny Antenimierampirenena sy ny "Focus Development Association" dia nosoniavina ny 3 Febroary 2021 tao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny fifanaraham-piara-miasa (protocole d'accord) mikasika ny famolavolana ny «Lalàna mifehy ny fizakàna ny zom-pirenena Malagasy». Izany dia efa natomboka tany Ampefy ny 3 sy 4 Desambra 2020 ary nitohy tamin'ny atrikasa natao tany Nosy Be, Hell-Ville ny 1 ka hatramin'ny 4 Martsa 2021 teo. Efa tafapetraka ao amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena ny Tolo-dalàna mikasika izany ary efa nalefantsika any amin'ny Governemanta mba hahafahany mitondra ny heviny. Ny faniriana dia hiditra amin'ny fandaharam-potoanantsika amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana amin'ny Volana Mey izy io. Isaorana eto ireo Solombavambahoaka nahavita izany asa goavana izany. Dingana voalohany ihany anefa no vita hatreto, fa mbola maro ny asa miandry antsika hahavitana azy hatramin'ny farany satria sata mifehy ny zo-pirenena no hojerena amin'izany.

Notanterahina ny Alarobia faha-17 Febroary 2021, tamin'ny 10 ora maraina, tao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny fihaonana an-databatra boribory niarahan'ny Antenimierampirenena tamin'ireo mpiara-miombon'antoka momba ny "Plan Stratégique de Développement de l'Assemblée Nationale". Ny tanjona dia mba hananana paikady tsara sy mahomby amin'ny fampandrosoana ity Andrimpanjakàna misy antsika ity.

Ny fanirian'ireo mpiara-miombon'antoka fotsiny na ny "partenaires Techniques et financiers" dia ny handraisan'ny Solombavambahoaka anjara bebe kokoa hatrany amin'ny hetsika karakaraina rehetra ary hahavita asa mihoatra lavitra noho ireo teo aloha.

Mitohy hatrany ny asan'ny Solombavambahoaka amin'ny alalan'ny "Visioconférence" miaraka amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena misy antsika, toy ny: APF, UIP, SADC, sns.....Nandray anjara mavitrika tamin'izany ny Antenimierampirenena tamin'ny alalan'ireo Solombavambahoaka.

Nanatanteraka fampiofanana mikasika ny fitondran-tena mendrika ny mpiasa sy ny fanajana ny hasin'ny asa amin'ny fitondran-draharaha-mpanjakana ireo mpandraharaha avy amin'ny Antenimierampirenena niarahana tamin'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy, ny Talata 2 Febroary 2021 lasa teo.

Teny Ankadivoribe Soalandy no nanaovan'ny Antenimierampirenena ny fambolan-kazo tamin'ity taona 2021 ity. Ny zoma 19 Febroary 2021 lasa teo no nanatanterahana izany; koa maro ireo Solombavambahoaka sy mpiasa nanohana ny antso.

Tao koa ny fandraisan'ny Birao Maharitra ireo Ambasadaoro sy Solotena avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy Fikambanana iraisam-pirenena samihafa.

Ny fifampiarahabana isan-karazany noho ny fahatrarana ny taona vaovao dia tsy lazaina intsony.

Asa natao ihany koa, nozaraina ny "KIT SANITAIRE" hiarovana amin'ny "CORONAVIRUS" nokarakarain'ny Birao Maharitra, mba ho fiarovana ny fahasalaman'ny Solombavambahoaka rehetra.

Teo koa ny "Guide des Députés sur les rôles des Assistants et Conseillers parlementaires" hanampy antsika amin'ny fanatsarana ny fampiasana ireo mpiara-miasa amintsika akaiky ato amin'ny Antenimierampirenena sy ireo any amin'ny Faritra nahavoafidy antsika. Isaorana eto ny mpiara-miombon'antoka EISA niara-niasa tamintsika tamin'izany.

Santonany fotsiny izany rehetra izany, fa mbola be miavosa ny vokatra ho avy eo, satria amperin'asa tanteraka isika izao amin'ny fanatanterahana ny "Plan Stratégique de Développement de l'Assemblée Nationale". Ho hitantsika sy ho tsapantsika ny vokatr'izany fanovàna lehibe eo amin'ny sehatry ny Antenimierampirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny asa mandeha ihany, fa ny politika koa tsy azo avela satria io no anisan'ny iray amin'ny antom-pisiansika Solombavambahoaka, ka tsy maintsy resahana.

Momba ny Politika Ankapobeny eto amin'ny Firenena dia: vokatry ny "COVID-19", niova ho azy ny fandaharanasa sy ny fomba fiasan'ny Fitondram-panjakana, ka lasa Fitondrana miatrika olana, Fitondrana manarina no misy ankehitriny, vokatry ny fahavoazana ara-toekarena naterak'io valan'aretina io. Noho izany, ilaina tokoa ny traikefanareo teknisiana isan-karazany na ara-pahasalamana izany na ara-toekarena, hamaha ireo olana vaovao amin'izao fotoana izao. Izany no antom-pisianareo, indrindra indrindra ny fahaizana mampiasa ny vola fanampiana hanarenana izany. Tsy ireo ihany, fa ao koa ireo olana lasa zary tarazo nifandovana teto, toy ny olan'ny JIRAMA, KRAOMA sy ireo fitakiana Sendikaly isan-karazany.

Ankoatr'ireo dia mba asiana resaka ihany koa ity olan'ny Anjerimanontolo momba ny vatsim-pianarana ity. Mba jerenareo akaiky, ry Tomponandraikitra isan-tsokajiny, fa mitarazoka loatra ka mitady hanimba raha. Moa ve tsy vola efa vonona ny amin'io satria fitakiana vatsim-pianarana na "presalaire"; ka inona no mbola mampitarazoka. Manainga ny

tomponandraikitra voalohany ao amin'ny Fahefana Mpanatanteraka mba hijery sy hanaramaso akaiky ary hanatanteraka an'izany, ka Andriamatoa Praiminisitra no tomponandraikira amin'izany; sa iniana hatao mba hiteraka korontana eto amin'ny tany sy ny fanjakana; na izany aza, aoka kosa ireo izay mpitaky na ny mpitarika ireny fitakiana rehetra ireny na Sendikà io na antokon'asa na mpianatra na eny anivon'ny fiaraha-monina, mba ho tena fitakiana madio tokoa, fa tsy hisy ambadika. Ny tiana holazaina dia ny fanajana sy ny fanavahana mazava tsara ny fanehoan-kevitra ara-politika sy ny ara-teknika ary ny aratsendikaly. Rehefa hanao politika dia aza menatra ny mijoro amin'izany fa zonao tanteraka izany. Aza mialokaloka ao ambadik'ireny fitakiana ireny. Rehefa izay mantsy no misy dia lasa sarotra ny famahana ny olana satria samy mitsinjo ny foto-kevitra ijoroany sy ny antoko politika misy azy ny andaniny sy ny ankilany, ka ny vaindohan-draharaha indray no mandefitra. Tsikaritra mantsy fa misy tokoa ny mampifangaro io fitakiana io amin'ny politika, eny na tsy izy rehetra aza.

Mikasika ny Jiro sy ny Rano dia efa be izay voalaza sy nambara izay. Efa be ny asa natao ary hitam-poko, hitam-pirenena izany; fa ny olona moa mitaky ny mangarahara ka mba te-hahafantatra kosa ny besinimaro ny mikasika ny famatsian-jiro sy rano hoe: aiza ho aiza izy izao.

Na inona ambara na inona lazaina dia hita fa miasa ny fitondram-panjakana. Efa voakitika avokoa ireo Velirano Telo ambinifolo (13) nataon'ny Filohan'ny Repoblika ary tanteraka ny hoe: tsy misy hadino ny Distrika rehetra, fa hanatanterahana asa avokoa. Aza manao toy ny voamason'omby maty, mihiratra fa tsy mahita.

Mbola ny raharaham-pirenena ihany, tsy maintsy resahana kely koa ny mikasika manokana antsika Solombavambahoaka, satria tena nandray anjara feno eo amin'ny sehatra politika ny namana mpiara-miasa amintsika sasany tato ho ato. Isaorana izy ireo satria nahafahana nanaporofa indray, fa tany miaina anaty demokrasia sy fahafahana maneho hevitra i Madagasikara rehefa voahaja ny Lalàna. Mba hanampiana anareo amin'izay asanareo izay ihany dia adidinay ny mampahatsiahy anareo manoloana ny adidy iaraha-manana fa araka ny Lalàmpanorenana, Andininy faha-102, andalana faha-3 dia:

Fivoriana telo andro isam-bolana no atokana ho amin'ny lahadinika izay notapahin'ny Antenimiera araka ny fitarihan'ny vondron'ny mpanohitra ao amin'ny Antenimiera; voakasik'izay koa ny vondron'ireo vitsy an'isa.

Noho izany, tsy voatery any ivelany na eny an-dalambe no hanehoan'ny Solombavambahoaka ny heviny fa anjaranareo mpanohatra no mitaky ny fampiharana io voalazan'ny Lalàmpanorenana io mba hitondrana ny adihevitra ao amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena (débat démocratique au sein de l'Assemblée nationale).

Raha mikasika ny tatitra kosa indray, ambara eto fa adidin'ny Solombavambahoaka tsirairay no manao izany any amin'ny Distrika nahavoafidy azy ary amporisihana mihitsy aza. Ilaina hatrany kosa ny fampahafantarana mialoha ny manampahefana any an-toerana rehefa misy famoriam-bahoaka satria izay no Lalàna ifampitondrana eto amin'ny tany sy ny firenena mba hitandroana ny filaminana.

Tsy maintsy iantohan'ny Solombavambahoaka koa ny fahamarinan'ny tatitra izay ataony, mba izay tena zava-nisy tokoa no taterina ary aoka tsy hanasoketa ny Solombavambahoaka

tsy mitovy hevitra fa samy nomen'ny mpifidy ny fitokisany, ka samy ajaridin'ny andrin-taniny ary samy olobe amin'izay niaviany.

Raha ny momba ny nandaniana ny Volavolan-dàlana mikasika ny tetibolam-panjakana, taona 2021 dia ambara etoana fa nanaraka antsakany sy andavany ny fepetra voafaritry ny Lalàna momba izany ny nandaniana azy iny, toy ny andininy faha-46 amin'ny LOLF sy ny andininy faha-124 ao amin'ny RI. Ny fanapahana raisina na any amin'ny asam-baomiera na ny votoatin-draharaha mandritra ny fivoriambe kosa dia mifototra amin'ny lalànan'ny maro an'isa, ka izay lany ara-demokratika eo anivon'ny Parlemanta na ny «majorité parlementaire» no tanterahina.

Fehiny, Tompoko, ho antsika Solombavambahoaka dia marina fa samy manana ny firehany ara-politika avokoa ny ato ary endrika tsara ho an'ny Parlemanta izany; saingy misy foto-kevitra iray kosa tokony hitambarantsika dia ny fifanajana, fa izay ihany no hahafahan'ny olona manaja antsika. Anisan'ny "règle d'éthique" ny fifanajana eo amin'ny samy Solombavambahoaka ary voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy antsika koa izany. Aoka isika hifanome voninahitra ao anatin'ny fahasamihafana ary haintsika izany satria na misy fahasamihafana ato, angamba mbola tsy nisy naheno isika hoe nisy tabataba tao amin'ny Antenimierampirenena. Isika rahateo samy Malagasy nomen'ny mponina ao aminy ny fitokisany.

Koa mialohan'ny hamaranana izao lahateny izao dia aoka isika Malagasy rehetra mpiray tanindrazana, indrindra fa isika tomponandraikitra sy mpanao politika mba samy hiezaka hifehy ny teny avoakany, fa lasa olana eto amintsika ny tsy fahafehezana azy io intsony ankehitriny.

Raha hisy ny fifampiresahana, izay misy mitaky ankehitriny dia io fepetra io aloha no tokony hajaina mialohan'ny zava-drehetra. Misy mitaky mafy ny fanovàna ny Governemanta amin'izao fotoana izao, ka hapetraka amin'ny fahendren'ny Filohampirenena ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika io resaka io. Misy fanontaniana mipetra ankehitriny hoe: ho vahaolana ve ny fanovàna Governemanta sa misy olana ifotony tokony hofongorina aloha. Aoka tsy ho hadinoina kosa fa tsy tokony dikaina na lalavam-potsiny ny Solombavambahoaka, fa homena ny hasiny izy amin'ny fahefana nomen'ny Lalàmpanorenana azy amin'ny fandrafetana ny Governemanta, raha hisy izany. Isika Solombavambahoaka rahateo anie olom-boafidy, ka sarotiny fatratra amin'izay safidimbahoaka izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana ho antsika vahiny manan-kaja rehetra tonga manome voninahitra izao lanonana izao. Ao koa isika Solombavambahoaka tsy ankanavaka izay irariana hanam-pahazotoana sy fahasalamana ary fahombiazana eo ampiatrehana ity fotoam-pivoriana ity.

Ho antsika vahoaka kosa, apetaho hatrany ny arovava orona, hajao ny elanelana sy ny fepetra sakana, fadio ny mitangorongorona. Aoka ho mailo sy hitandrina mandrakariva manolona ity areti-mandoza "Coronavirus" ity izay tsapa mihamirongatra tsikelikely tato ho ato.

Ho antsika mpanao politika, eny an-tanim-boanjo no fotoana ifanatrehana sy ifandresendahatra amin'ireo mpifidy rehefa tonga izay fotoana izay, ho an'izay mbola vonona sy sahy. Ny vahoaka amin'izao rahateo efa mihamatotra ara-tsafidy, ka raha teo anefa tsy manitra, ka lasa ve vao hamerovero. Koa eo isika samy mandray ny valin'ny asa tsara nataony ho an'ny Tanindrazana aby na mpitondra na tsia, satria raha tsy maheno ny tany, tsy marenina akory ny lanitra. Koa samia manam-paharetana, Tompoko, fa tsy ho lavitra intsony izay fotoana hifanomezantsika amin'ny vahoaka izay.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

Tompokolahy sy Tompokovavy, faly mankasitraka sy mankatelina ny fahatongavantsika rehetra teto androany.

Ambarako fa misokatra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika, fa rahampitso Alakamisy 18 Martsa 2020, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary amin'ny 11 ora, atoandro, hisy ny "Conférence des Présidents" handinika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity. Amin'ny 12 ora, atoandro, kosa fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika izany volavolam-pandaharam-potoana izany.

Marihana fa hatao eto amin'ny CCI-Ivato avokoa ireo fivoriana rahampitso ireo satria hanao fivoriambe sahala amin'izao isika amin'io andro io.

Miato hatreto ny fivoriansika androany.

Misaotra Tompokolahy;
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona